# 2016 - tao Lyon (Frantsa) - Renée sy Cécile manao famehezan-tena ao amin'ny ' fianakaviana am-panahin'ny Sœurs du Christ'

**Anio 6 Janoary 2016, mankalaza ny nisehoan'ny Tompo isika ary koa ny famehezan-tena notononin'i Renée sy i Cécile ho an' ny herin-taona, ato amin'ny 'fianakaviana am-panahin'ny soeurs du Christ'. Nanavao io famehezan-tena io i Renée fa i Cécile vao sambany no nanao izany.**



Notanterahina nandritra ny Sorona Masina ny fankalazana tamin'ny 6 30 hariva natrehan'ny fianakavian'izy ireo, namana, mpiara-mivavaka, tao amin'ny Lasapely kely Md François,ao amin'ny rihana ambanin'ny trano misy ny Kôminôten-dry masera

**Inona no hevitr'izao dingan'ny famehezan-tena izao ho an'i Renée sy i Cécile ?** avelantsika ho azy ireo ny fitenenana :

*'- 'Nanaitra ahy ny toe-panahin'ndry masera , ny firaisan-kina, ny fandraisana, ny fanajana ny fahasamihafan'ny hafa.*

*- Teraka ato amiko tsikelikely io antso hiaina ny finoako amin'ny maha vita Batemy mba hanara-dia an'i Kristy Loharano sy Vavolombelon'ny maha Iray, amin'ny sehatra maha- lahika ahy*

*- Tsapako fa ny fampiraisana dia lafiny iray izay nokatsahiko tamin'ny fiainako : fampiraisana volena amin'ireo trangam-pifandirana na fisaraham-bazana mba haha-vavolombelona na mpandray anjara ahy,hitady izay mbola mampiray ; fampiraisana tsy avela ho very amin'ireo olona ifaneraserako amin'ny maha mpiasan'ny asa sôsialy ahy miatrika ireo olona mandray zava-mahadomelina, mazàna efa nigadra .*

*- Fampiraisana ampivelarina ato amiko amin'ny alalàn'ny jery todik'izay niainana sy ny fandanjalanjana ny sori-dàlana harahina ho an'ny manaraka.*

*- Tena tsapako ny fetrako fa androany ,manomboka dingana vaovao aho amin'izao famehezan-tenako izao : hanandrana hampihatra amin'ny andavanandro mba hiaina mandrakariva misimisy kokoa an'i Jesoa Kristy Loharano sy Mpanatontosa ny maha-Iray ary mijoro ho vavolombelon'izany amin'ny teny sy ny asako, indrindra eo amin'ny fiainam-pianakaviako sy seha-piasako.*



*- Ny fanavaozana ny fampanantenana dia tsy fivadiahan amin'ny Tenim-Pitiavana noraisina, izay mampiaina ahy isan'andro, tsiokan'ny fiainana mitarika amin'ny fotoan-tsarotra. Misaotra an'Andriamanitra aho noho ity fihaonana amin'ny làlan'ny finoana iray ity, miaraka amin'ny Sœurs du Christ ary faly aho fa manatevin-daharana ny fianakaviana am-panahin'ny Sœurs du Christ, Union Mysterium Christi, i Cécile !''*



Taorian'ny Eokaristia, nomena ny fanirahana azy ireo i Renée sy i Cécile tamin'ny alàlan'i Masera Marie-Christine, solon-tenan'i Masera Guénolée, Provinsialin'i Eorôpa

Fijoroana ho vavolombelona mampihetsi-po io dingana io.Narahin'ny fialàna hetaheta ny fotoana, aza hadinointsika fa i Lyon no renivohitra eran-tany amin'ny hay ara-tsakafo!

Misaotra ry Cécile, misaotra Renée, noho famehezan-tena !

*Nicole, Cécile, Renée sy Josyane*